

NDAO HANAVAO !



Ndao Hanavao

*Laboratoire
d'innovation
et de création
pour le design social
à Antananarivo,
Madagascar*

*Laboratoara
vaovao sy
famoronana
ho an'ny endrika
sosialy eto
Antgnanandrivo,
Madaasikarâ*

Fiaraha-mjasa
Karohy
Revaluation Collabo-
ration
Recherche
Revaloris-
sation

Ndao Hanavao

Laboratoire d'innovation et de création conçu par des designers invités, des jeunes malgaches en formation professionnelle, avec des artisans, ingénieurs et acteurs locaux.

Sehatra fanavaozana sy famoronana naorin'ireo mpanome endrika sy asa tao-zavatra nasaina, ireo tanora malagasy eo an-dalam-piofanana ho matianina miaraka amin'ireo mpanao asa-tanana, ireo injeniera ary ireo mpandray anjara ifotony,

Ndao Hanavao cherche à trouver des solutions viables et pérennes, à travers la conception d'objets de design, à certaines problématiques sociétales auxquelles est confrontée la population malgache vivant en grande précarité.

Pour sa première édition, Ndao Hanavao a invité The Polyfloss Factory, à développer le concept de leur machine Polyfloss à Antananarivo, afin de mettre en place de manière pérenne un atelier d'incubation, d'expérimentation et de formation destiné à la transformation de déchets plastiques, problématique locale majeure. Procédé innovant de recyclage de plastiques qui s'inspire de la « barbe à papa », The Polyfloss Factory permet d'obtenir une laine flexible qui peut être réutilisée de différentes manières sous la forme d'isolant thermique, d'emballage, d'objets de design, et peut également servir aux créations textiles et artisanales, au moulage, et à la conception d'objets à valeur d'usage.

Le laboratoire Ndao Hanavao accueille en formation des jeunes adultes malgaches, issus des quartiers défavorisés de la ville, dans le but de les accompagner dans le développement

Ndao Hanavao dia mitady ireo vahaolana hahafahana mivelona sy maharitra, amin'ny alalan'ny famoronana tao-zavatra manana endrika sy asa manoloana ireo petrakolana ara-piaraha-monina izay manjady amin'ireo vahoaka malagasy marefo ara-pivelomana.

Tamin'ny andiany voalohany, Ndao Hanavao dia nanasa ireo mpanome endrika sy asa tao-zavatra, frantsay avy amin'ny The Polyfloss Factory, Christophe Machet sy Émile de Visscher, mba hampahfantatra ny hevitra fototra namorongan'izy ireo ilay fitaovana Polyfloss tao Antananarivo, hahafahana mametraka amin'ny fomba maharitra atrikasa fanarahana, fanandramana ary fanofanana ho amin'ny fanodinana ireo fako plastika, izay olana goavana ao an-toerana. Fahaiza-manao mbola tsy fahita amin'ny fanodinana ireo plastika maka tahaka ny « barbe à papa », The Polyfloss Factory dia hahafahana mahazo tahaka ny volon'ondry malefaka izay azo ampiasaina indray amin'ny fomba maro isa-karazany ho tonga tahaka ny singa tsy mandany angovo loatra, ny fitaovana famonosana, tao-zavatra manana endrika sy asa, ary azo ampiasaina

Fahaiza-manao mbola tsy fahita amin'ny fanodinana ireo plastika,... dia hahafahana mahazo tahaka ny volon'ondry malefaka izay azo ampiasaina...

d'initiatives commerciales et collaboratives avec des artisans locaux à partir de la laine Polyfloss.

Parallèlement, Ndao Hanavao invite des artistes et des designers à expérimenter avec la laine Polyfloss produite au laboratoire.

Ndao Hanavao, «Allons innover»¹, est une initiative locale initiée en 2018 par Rubis Mécénat en association avec Vitogaz Madagascar à Antananarivo, Madagascar.

1 «Ndao» est une contraction du malgache qui signifie «allons», et «Hanavao» peut être traduit par «innover». Ainsi est née l'expression «Ndao Hanavao» dont l'association permet de transcrire cette idée d'aller de l'avant, dans un souci de constante innovation.

ihany koa amin'ny famoronana lamba sy asa-tanana, amin'ny fanaovana lasitra, ary amin'ny famoronana tao-zavatra mifanaraka amin'ny filân'ny fiaraha-monina.

Ny sehatra Ndao Hanavao dia mandray ho mpiofana ireo tanora malagasy, avy amin'ireo faritra sahirana ao an-tanàndehibe, mba hahafahana manaraka azy ireo amin'ny fampivelarana manokana amin'ny lafiny ara-barotra sy ny fiaraha-miasa miaraka amin'ireo mpanao asa-tanana eo an-toerana miainga avy amin'ilay vokatra Polyfloss tahaka ny volon'ondry.

Mifanindran-dalana amin'izany, Ndao Hanavao dia manasa ireo mpanakanto sy ireo mpanome endrika sy asa tao-zavatra mba hampiasa ity vokatra Polyfloss tahaka ny volon'ondry ity izay vokarin'ny seha-pikarohana.

Ndao Hanavao, «Allons innover»¹, dia niainga avy ifotony tamin'ny taona 2018 natsangan'ny Rubis Mécénat niaraka tamin'ny Vitogaz Madagascar ao Antananarivo, Madagasikara.

1 « Ndao » dia avy amin'ny fanafohezana ilay teny malagasy "Andao" ka nadika hoe "Allons" ary « Hanavao » izay voambolana nadika hoe « Innover ». Izany no nahaterahan'ny « Ndao Hanavao » izay entin'ny fikambanana maneho ny hevity ny firosoana hatrany sy ihany koa ny fikelezana amin'ny fanavaozana maharitra.



Soumis à un marché du design d'objet exponentiel et à l'épuisement des ressources planétaires, un nombre croissant de designers explorent des champs d'activités de plus en plus spécialisés. Ces designers se confrontent aux questions, écologiques, politiques, sociales et humanitaires, pour répondre de manière concrète aux problématiques actuelles. Ils s'affrontent aux mutations d'un monde globalisé en imaginant de nouveaux types de progrès et en concevant des solutions prospectives et adaptées, entre autres, aux enjeux environnementaux. Cette discipline s'est longtemps cherchée une définition. Elle a désormais un nom : « social design »² (design social).

Benjamin Loyauté,
commissaire du projet
Ndaa Hanavao

² Ezio Manzini, (2007) Design Research for Sustainable Social Innovation.
In: Michel R. (eds) Design Research Now. Board of International Research in Design.
Ed. Birkhäuser Basel/ISBN 978-3-7643-8471-5

Voatery manaraka ny tsenan'ny fanomezana endrika sy asa ireo tao-zavatra izay tsy mitsaha-mitombo sy ny fihenan'ireo loharanon-karena maneran-tany, mitombo ihany koa ny isan'ireo mpanome endrika sy asa tao-zavatra izay manokatra sehatr'asa miavaka hatrany. Ireo mpanome endrika sy asa tao-zavatra ireo dia mifanehitra amin'ireo fanontaniana maro mifandray amin'ny tontolo iainana, ny politika, ny sosialy ary ny maha-olona, mba hamaliana amin'ny fomba hita maso ireo petrakolana ankehitriny. Izy ireo ihany koa dia mifanehitra amin'ireo fiovan'ny tontolo ao anatin'ny fanatontoloana sady maka sary an-tsaina ireo karazana fandrosoana vaovao no mihevitra ireo vahaolana hiatrehana ny ho avy sy ny vahaolana mifanaraka amin'izany tahaka ireo tombony ara-tontolo iainana. Ela nitadiavana famaritana ity taranja ity. Ankehitriny ary manana ny anarany izy : « fanomezana endrika sy asa ara-tsosialy »² (design social).

Benjamin Loyauté,
I Benjamin Loyauté no tomponandraikitra amin'ny
fanarahana ny tetikasa Ndaa Hanavao

² Ezio Manzini, (2007) Design Research for Sustainable Social Innovation.
In: Michel R. (eds) Design Research Now. Board of International Research in Design.
Ed. Birkhäuser Basel/ISBN 978-3-7643-8471-5

Ilay Orina- san'ny Tao

L'entreprise du faire
par/nataon'i Benjamin Loyauté

En choisissant de prendre part il y'a plus d'un an au projet titanesque imaginé par Rubis Mécénat, les designers et ingénieurs de The Polyfloss Factory, Christophe Machet et Émile de Visscher, ont investi le premier projet de design social développé à Madagascar.

Tamin'ny fisafidianana ny handray anjara efa ho herintaona mahery tamin'ny tetikasa goavana izay neritreretin'ny Rubis Mécénat, ireo mpanome endrika sy asa tao-zavatra sy injeniera, Christophe Machet sy Émile de Visscher, dia nametraka voalohany ilay tetikasa fanomezana endrika sy asa ara-tsosialy izay novolavolaina tao Madagasikara.

Cette île où l'écosystème est le plus complexe du monde fait face à une pollution de plastiques sans pareil, là même où l'on a découvert des Chenilles mangeuses de polyéthylène.

Rubis Mécénat a fait le choix d'agir à Madagascar en développant de manière locale un laboratoire de recherche et d'actions solidaires en proposant à de jeunes adultes un programme d'éducation et de formation lié au design et à son économie locale. Situé à Antananarivo, ce *lab* d'innovation et de création se conçoit autour de designers invités, artisans, ingénieurs et autres acteurs locaux afin de trouver des solutions viables et pérennes, à travers la conception d'objets de design qui répondent aux problématiques sociétales à laquelle est soumise la société malgache.

En invitant des inventeurs à faire voyager et à adapter leur Polyfloss Factory, qui propose un nouveau procédé de recyclage des plastiques à

Ilay nosy hahitana tantolo iainana sy mponina manahirana indrindra maneran-tany matrika ny fahalotoana ara-plastika tsy misy toa azy, nahitana mihitsy aza ireo fanday mphinana polyéthylène.

Rubis Mécénat dia nanao ny safidy ny handray andraikitra ao Madagasikara amin'ny fampivelarana ifotony toeram-pikarohana sy fiaraha-mientana amin'ny fanomezana fandaharam-panabeazana sy fanofanana mifandraika amin'ny fanomezana endrika sy asa tao-zavatra ary koa ny amin'ny fiharian-karena ifotony ho an'ny tanora. Ao Antananarivo, ity seha-panavaozana sy famoronana ity dia naorina manodidina ireo mpanome endrika sy asa tao-zavatra nasaina, ireo mpanao asa-tanana, ireo injeniera sy ireo mpandray anjara maro ao antoerana mba hitadiavana ireo vahaolana hahafhana mivelona sy vahaolana maharitra, amin'ny alalan'ny famoronana tao-zavatra manana endrika sy asa mamaly ireo petrakolana ara-piaraha-monina izay iainan'ny fiaraha-monina malagasy.

échelle humaine, Rubis Mécénat entend façonner le point de départ du projet Ndao Hanavao, «Allons innover».

Du rêve à l'initiative visible, de la résolution à la force factuelle, le projet permet de concevoir des solutions de transformation de déchets en objets de nécessité et de créativité, offrant «un cycle économique court et pérenne destiné à, et mené par, des malgaches». Les designers de The Polyfloss Factory s'attelent à la question des outils acteurs d'émancipation. Le laboratoire Ndao Hanavao accueille The Polyfloss Factory pour inaugurer une démarche du «faire» autour d'un constat : les déchets sont des ressources importantes de la ville et il est nécessaire de pouvoir les traiter localement.

Le procédé Polyfloss permet d'obtenir une «barbe à papa» de laine recyclée pouvant être tricotée, formée, pressée ou refondue à l'infini. Le déployer et le réinventer sur le sol malgache permet d'investir le réel face à la pollution plastique à laquelle est confrontée la population malgache.

Être au cœur de la question écologique c'est se situer là où les outils et les dispositifs à mettre en place nécessitent une réflexion sur des cycles de production courts. Or, les designers invités ont fait le pari de vivre dans une société de l'être aux convictions plus fortes et plus tangibles qu'une société du dire où l'engagement oral et confortable signe trop souvent le renoncement et le désengagement du faire. Christophe Machet et Émile de Visscher prolongent ainsi une écologie de la pensée et de l'action.

Sans se détourner des usages et des enjeux formels contemporains, Ndao Hanavao crée une économie de l'attention qui va à la rencontre de cultures autres et de manière plus interindividuelle, à la rencontre de nos propres actions. Les pratiques de design sont un enjeu de société. Sans le dire, sans le revendiquer

Tamin'ny alalan'ny fanasana mpamorona anankiroa izay nitondraavy lavitra sy nanazatra ilay fitaovan'izy ireo Polyfloss Factory, izay nitondra fahaiza-manao vaovao amir'ny fanodinana ireo plastika mifanaraka amin'ny rafitra maha-olona, no nanombohan'ny Rubis Mécénat ny tetikasa Ndao Hanavao, «Allons innover».

Niainga tamin'nynofy tonga finiavana hita maso, niainga tamin'ny fikasana tonga hery azo tsapain-tanana, ilay tetikasa dia hahafahana mamolavola ireo vahaolana amin'ny fanodinana ireo fako ho tonga tao-zavatra azo ampiasaina sy noforonina, izay hahazoana «fepotoana ara-toekarena fohy sy maharitra natao ho an'ireo malagasy fa ihany koa tarihin'ireo malagasy.» Émile de Visscher sy Christophe Machet dia mifantoka amin'ny momba ireo fitaovana hipoiran'ny fahafahana. Ny sehatra Ndao Hanavao dia mandray ny The Polyfloss Factory entina hanokanana ireo dingan'ny «tao» manoloana ny tranga misy : ireo fako dia loharanon-karena manan-danja ao an-tanàndehibe ary tena llaina ny fahafahana mandray an-tanana azy ireny ao an-toerana. Ny fahaiza-manao Polyfloss dia hahazoana «barbe à papa» tahaka ny volon'ondry voaodina azo hanaovana ba, azo omena endrika, azo poretna na atsonika tsy misy farany. Ny fampivelarana azy sy ny famelomana azy indray eo amin'ny tany malagasy dia hahafahana miasa ny zava-misy manoloana ny fahalotoana ara-plastika izay atrehan'ny vahoaka malagasy.

Ny fifantohana betsaka amin'ny resaka manan'aina sy ny fifandraisany amin'ny tontolo iainany dia ny fipetrahana eo amin'izay tokony hahitana ireo fitaovana sy ireo tetika tokony apetraka ka mitaky ny fandininhina mikasika ireo fepotoana famokarana fohy. Kanefa, ireo mpanome endrika sy asa tao-zavatra anankiroa ireo dia nitompo teny fantatra ny hiaina ao anatin'ny fiaraha-monin'ny fisiana manana faharesen-dahatra matanjaka sy azo tsapain-tanana noho ireo fiaraha-monin'ny miteny ka ny fanekena am-bava sy ny fiadanana dia

vertement, les designers invités font partie de ces créateurs qui investissent l'avenir. Ils ont trouvé une dynamique créative autour de l'upcycling qui, dans une période de très forte créativité et de production intense, se détourne de la notion normative et éphémère des systèmes de mode qui ont, eux aussi, voulu en être tout en restant bien souvent au stade du design de l'immédiateté à la nomenclature de communication bien ficelée.

Ndao Hanavao s'est construit de bout en bout autour de démarches plus pragmatiques et salvatrices. Il rêve les possibles et embarque des vocations, propose des perspectives professionnelles et libère des talents. Car il est aussi nécessaire de préciser l'enjeu de valoriser des savoir-faire, de faire interagir des artisans malgaches en les nommant et de former des jeunes comme le précise Carine Ratovonarivo qui développe la partie pédagogique. Car c'est là précisément que se trouve toute la gageure, toute la puissance et le ressort de «l'entreprise du faire» que Rubis Mécénat a su amorcer avec un pays et sa population. Le but : faire jaillir toutes les capacités créatives par l'éducation et valoriser les compétences de futurs créateurs et entrepreneurs malgaches.

En s'engageant dans la création d'un laboratoire de recherche et d'applications, dans la fabrication d'une entreprise humaine aux intentions pérennes, Rubis Mécénat développe un modèle autre. Trop rare pour ne pas le dire, les créateurs impliqués vivent leurs engagements comme autant d'actions et de comportements qui construisent le mouvement d'un modèle qui joue collectif et qui change la donne en ayant pour but de servir, de répondre aux défis de société. Celui qui façonne le nouveau monde qui vient, même par de petits apports, conquiert un idéal du faire, reléguant le «dire» à ses attributs immobiles.

Informés sur les conséquences de nos choix, nous continuons bien souvent à n'en rien voir.

matetika loatra mariky ny fitsipahana sy tsy fahavononana hanatantara. Christophe Machet sy Émile de Visscher araka izany dia manohy ny fifandraisany manan'aina sy ny tontolony amin'ny lafiny ara-tsaina ary koa ny hetsika.

Tsy miala amin'ireo fomba fanao mahazatra sy ireo tombony manaraka ny vanim-potoana ankehitriny, Ndao Hanavao dia namorona fiarian-karen'ny fifantohan-tsaina amin'ny alalan'ny fihaonana amin'ireo kolontsaina hafa ary amin'ny fomba fifandraisana amin'ny tsirairay kokoa, mandeha manakaiky ireo hetsika manokana izay ataonay. Ireo fanomezana endrika sy asa tao-zavatra dia tombony ho an'ny fiarahanmonina. Na tsy miteny na tsy mitaky mivantana, ireo mpanome endrika sy asa tao-zavatra anankiroa ireo dia anisan'ireo mpamorona izay manomana ny ho avy. Izy ireo dia nahita fomba famoronana manodidina ny «upcycling» izay, tao anatin'ny vanim-potoana namoronana betsaka sy ny famokarana tsy mijanona, niala lavitra ireo fomba fanao manara-pitsipika sy miserana izay naniry ihany koa ho tahaka izany saingy matetika mijanona eo amin'ny dingan'ny fanomezana endrika sy asa tao-zavatra miainga eo no eo ka makany amin'ny fanasokajiana efa fantatra mazava tsara. Ndao Hanavao dia niorina tsikelikey manodidina ireo dingana mifototra amin'ny hetsika mivaingana sy famonjena. Manonofy ireo azo tanterahana ary miteraka ireo antso, manome fahafahana mijery lavitra amin'ny lafiny matianina ary hahafahana maneho ireo talenta. Satria llaina ihany koa ny manamafy ny tombony amin'ny fanomezan-danja ireo fahaiza-manao, ny manao izay hampifameno ireo mpanao asa-tanana malagasy amin'ny fanendrena azy ireo ary ny fanofanana ireo tanora araka izay hamafisin'i Carine Ratovonarivo, izay fampivelatra ny lafiny haifampianatra. Satria eo indrindra no hahitana ny antoka manontolo, ny hery rehetra sy ny vokatry ny «orinasan'ny tao» izay hain'ny Rubis Mécénat ny nanomboka azy niaraka tamina firenena iray sy ny vahoakany. Ny tanjona : ny hampiboiboi ka ireo fahaiza-mamorona

L'information ne suffit plus, elle se digère aussi vite qu'un encart publicitaire, comme par aveu d'impuissance face à notre propre consommation et à notre logique de dépréiation.

En recyclant le plastique de manière innovante et en apportant cette matière habituellement industrielle à l'échelle de la re-création artisanale, The Polyfloss Factory se veut une forme de réponse tangible, exploratoire, ludique et collaborative face à la pollution des déchets de la ville. Car depuis plus d'un an, les créateurs et l'équipe constituée sur place ont pu évaluer, analyser, identifier un ensemble de sources de déchets plastiques disponibles, évaluer les besoins et comprendre les habitudes, les modes de vie par les usages courants. Ces données ont permis « d'évaluer le marché et de repérer des applications pertinentes » que le projet Ndao Hanavao porte aujourd'hui.

Au-delà de la zone géographique dans laquelle il faut redire notre responsabilité universelle, notre consumérisme serait-il devenu un refus de cette responsabilité ? Une négation de notre capacité d'adultes à avancer autrement, à produire différemment et à imaginer d'autres routes que celles de la destruction créatrice ou de notre anthropocentrisme, dont les effets secondaires ont donné à l'homme son ego et son pouvoir... Pouvoir aussi, peut-être, de changer de modèle, de recréer le progrès, lui accordant, en conséquence, un ensemble de bienfaits irrévocables dans lequel s'inscrit Polyfloss.

Le temps nous informe qu'il n'y a jamais de retour en arrière en design, pas plus qu'en technologie ou en sciences ; il n'y a que des chemins multiples à emprunter pour dessiner ce que sera le présent de demain. Or, pour savoir lequel est le meilleur, le scientifique Joël de Rosnay souligne, dans son livre « Surfer la vie : Comment survivre dans la société fluide »,

rehetra amin'ny alalan'ny fampianarana sy ny hanome lanja ireo fahaiza-manaon'ireo mpamorona sy mpitantana orinasa malagasy amin'ny ho avy.

Ny fanekena hanorina toera-pikarohana sy fampiharana, ny fanekena hametraka orinasa mifanaraka amin'ny maha-olona sy manana fikendrena maharitra, Rubis Mécénat dia mampivelatra modely hafa. Tena an-kavitsiana ny azo hilazana azy, ireo mpamorona anankiroa nandray anjara dia niaina ireo fifanekena tahaka ireo hetsika sy fitondran-tena izay manamboatra ny fivoaran'ny modely anankiray ka mampitambatra sy manova ny tolotra amin'ny fananana tanjona mba hanao asa ho an'ny hafa, hitondra valiny amin'ireo sedra-piaraha-monina. Izay mamolavola ny tontolo vaovao ho avy, eny na dia amin'ireo kely entiny aza, dia efa mahafehy ny lafatra amin'ny tao, manalavitra ny «miteny» amin'ireo mpamaritra azy tsy mitondra amin'ny hetsika.

Nampahafantarina mikasika ireo vokatry ny safiditsika, matetika mihitsy isika no manao hodian-tsy hita. Tsy ampy intsony ny fampahafantarana, mora levona raha mihoatra ny dokam-barotra any anaty gazety, izay tahaka ny fiaikena tsy fahampiana hery manoloana ny fomba fanifantsika manokana sy ny fomba fivelomantsika miteraka fahasimbana.

Amin'ny fanodinana plastika amin'ny fomba vaovao ary ny fitondrana ity akora ity izay vokatra avy amin'ny industria raha ny mahazatra amin'ny rafitry ny famoronana indray ara-asa-tanana, The Polyfloss Factory dia te ho endrika valim-panontaniana azo tsapain-tanana, entina handalinana, tahaka ny kilalao sy fiaraha-miasa manoloana ny fahalotoana aterak'ireo fako ao antanà-dehibe. Satria efa ho herintaona mahery izao, ireo mpamorona anankiroa sy ny ekipa natsangana ao an-toerana dia afaka nanombana, nandalina, namantatra toerana maro hahitana ireo fako plastika, nanombana ireo filâna ary manakatra ireo fahazarana, ny fomba fiaina amin'ny fampiasana azy ireny mahazatra. Ny fahalalana ireo singa rehetra ireo no nahafahana «naminavina

la nécessité de «construire ensemble l'avenir, survivre à la complexité du monde moderne et son accélération». Entrer dans la «société fluide» permet d'être à l'écoute de son environnement et de respecter la nature. L'homme en homéostasie – cette aptitude à réguler certaines de nos constantes physiologiques en fonction des variations du milieu extérieur – serait alors capable de surfer les vagues les plus hautes pour aller toujours plus loin.

Ndao Hanavao !

ny tsena sy namaritra ireo fampiharana mifanaraka amin» izay entin'ny tetikasa Ndao Hanavao ankehitriny. Ankoatry ny faritra ara-jeografika izay mila fampatsiahivana ny andraikitray mihitatra maneran-tany, ny hetsika hiarahanay amin'ireo mpanjifa ve dia ho tonga tahaka ny fitsipahana izany andraikitra izany ? Ny fandavanay ny fahaiza-manao amin'ny maha lehibe mba handroso amin'ny fomba hafa, mba hamokatra amin'ny fomba miavaka ary mba haka sary an-tsaina ireo lalana hafa noho ireo lalana izay hahitana amin'ny fotoana iray fanjavonan'ny sehatra iray no hipoiran'ny sehatra hafa iray na ny fandaisanay fa ny olombelona no fototry ny tontolo ka mihevitra ny zava-misy amin'ny fomba fijery amin'ny lafiny maha-olona, izay ny vokatra tsy mivantana dia nanome ho an'ny olona ny fieritreretany ny tenany sy ny fahefany... Fahefana ihany koa, angamba, ny hanova ny modely, ny hamorona indray ny fandrosoana, izay manome azy, araka izany, ny fitambaran'ireo vokatra tsara tsy azo foanana izay hiraketan'ny Polyfloss.

Ny fotoana no mampahafantatra antsika fa tsy misy mihitsy ny fiverenana any aorianao ao anatin'ny fanomezana endrika sy asa tao-zavatra, toa ny amin'ny teknolojia na ny siansa ; tsy misy afa-tsy ireo lalana isa-karazany diavina mba hanoratsoratana izay ho endriky ny ampitso. Kanefa, mba hahalalana hoe iza no lalana tsara indrindra, ilay siantifika Joël de Rosnay dia nanamarika, ao anatin'ny bokiny «Surfer la vie : Comment survivre dans la société fluide», ny tena ilana ny «fiaraha-mientana hanamboatra ny ho avy, ny fahafahana miaina manoloana ny fahasarotan'ny tontolo mandroso sy ny fihazakazany». Ny fidirana amin'ny «fiaraha-monina tsy misy avakavaka» dia hahafahana mifantoka amin'ny tontolo iainana misy azy sy ny fanajana ny natiora. Ny olona eo am-pandajalanjana-ity fahafahana mandamina ireo singa ara-batana izay tsy miova arak'ireo fiovan'ny tontolo ivelany-dia hanjary afaka hanaraka ireo onja farany avo mba ho lasa lavitra hatrany.

Ndao Hanavao!



Droit devant !

Ndao Ary !

Après plus de deux ans de déploiement, Ndao Hanavao prolonge et entreprend de nouvelles phases d'expérimentations autour de son laboratoire de recherche et de prospective. Depuis le début de

Ndao Hanavao prolonge et entreprend de nouvelles phases d'expérimenta- tions autour de son laboratoire de recherche et de prospective.

cette aventure, après avoir abordé la problématique de la pollution environnementale, du recyclage et de l'urgence dont vous trouverez les premiers essais et les premières offensives dans cet ouvrage, Rubis Mécénat donne et anime une suite logique.

L'histoire continue et son laboratoire de recherche assoie et étaye jour après jour les concepts de justice environnementale, celle-là même qui n'échappe pas aux questions qui lient les nécessités sociales et écologiques.

Taorian'ny roa taona mahery izay nihetsehana, Ndao Hanavao dia manohy sy mandray an-tanana dingam-panandramana vaovao mahakasika ilay seha-pikarohana sy sehatra fitarafana ny ho avy izay naoriny. Efa hatramin'ny niandohan'ity tantara ity, taorian'ny fijerena akaiky ny petrakolana mikasika ny fahalotoana ara-tontolo iainana, ny fanodinana ary ny fahamehana izay ho hitanareo ireo andrana voalohany fa ihany koa ireo valiny voalohany ao anatin'ity boky ity, Rubis Mécénat dia mampiseho hatrany ny fitohizan'ny asany.

Mitohy araka izany ny tantara ary ny seha-pikarohana izay naoriny dia mametraka sy manamafy mandrakariva ireo foto-kevitra hijoroan'ny fandraisana ny tontolo iainana ho loharano ny soa iombonana, izay hevitra tsy afa-misaraka amin'ireo resaka izay mampifandray ny tsy azo hihodivirana amin'ny lafny ara-tsosialy sy ny fifandraisan'ny olona amin'ny tontolo misy azy.

Aza adinotsika fa ny tsy fitoviana amin'ny fahafahana mandray ny vokatra azo avy amin'ny tontolo iainana dia midiaka ihany koa tsy fitoviana manoloana ireo vokadratsy mety haterany ho an'ny tena. Raha toa ka ilaina ny mamorona sy ny mampitombo ireo fahafahana manakatra raha te hitantana, milaza izany fa Ndao Hanavao sy ireo tanora mpitantana ao aminy dia manana anjara asa mba hanaitra sy hametraka fifankazahoana vaovao lavitr'ireo foto-kevitra sy ireo fanarenana fanao mahazatra mba hametrahana

N'oublions pas que l'inégalité environnementale est aussi une inégalité d'expositions aux nuisances. Si pour entreprendre, il faut créer et augmenter les capacités de nos perceptions, alors Ndao Hanavao et ses jeunes entrepreneurs se donnent aussi pour mission d'éveiller et d'inventer de nouveaux entendements au-delà des usages actuels de réparation pour établir des créations qui permettent aussi l'évitement aux risques et la protection des populations.

Le regard posé sur la fabrique des inégalités sociales et environnementales, Ndao Hanavao investit l'économie de la vie et de la réparation. Après la matière plastique à l'heure de sa transformation pragmatique soumise à l'urgence, le laboratoire poursuit sa politique d'initiatives tournée vers la collectivité. Dès 2021, de nouveaux chercheurs et créateurs investissent le lab pour prolonger le temps de la recherche et pour agir sur les méthodes de reproductibilité et de duplication déjà engagées. Les principes de recyclage de matières naturelles comme les algues y seront alors étudiés.

Droit devant, Ndao Hanavao aborde la métamorphose des matières pour réparer localement les aspérités de notre monde et participer, à sa mesure, à son amélioration et aux changements collectifs.


famoronana izay hahafahana ihany koa miala ireo mety ho loza ary ho fiarovana ireo vahoaka.

Rehefa nitopimaso manoloana ny fametrahana ny tsy fitoviana aratsosialy sy ny tsy fitoviana amin'ny fahafahana mandray ny vokatra avy amin'ny tontolo iainana, Ndao Hanavao dia mametraka fiharian-karena mahavelona miankina amin'ny famokarana sy fanjifana manaraka ny fanajana ny tontolo iainana. Taorian'ny fanodinana ilay akora plastika tamin'ny fotoanany izay maneho hetsika voaterin'ny fahamehana, ny sehatra Ndao hanavao dia manohy ny politikam-piniavany makany amin'ny fivondronan'olona izay manana tombontsoa iombonana. Manomboka amin'ny 2021, hisy mpikaroka sy mpamorona hafa indray hiasa ilay sehatra mba hanohy ny fotoana fikarohana ary mba hiasa ireo fomba hahafahana manao dika mitovy izay efa natomboka. Ireo lalana fototry ny fanodinana ny akora voajanahary tahak'ireo ahidrano dia hodinihina amin'izany.

Ndao ary, Ndao Hanavao dia miditra amin'ny fanovana ireo akora mba hanitsy ifotony ireo tsy fitoviana eo amin'ny tontolo misy antsika ary mandray anjara, amin'izay tandrifiny, amin'ny fanatsarana azy sy ny fanavaozana iombonana.

Miainga Avy Amin'ny Fako Plastika Ka Tonga « Barpapapa »

Du déchet plastique à la barbabapa



The Polyfloss Factory à Madagascar

The Polyfloss Factory Ao Madagasikara

Ndao Hanavao a invité en 2018 les designers français de The Polyfloss Factory, Christophe Machet, ingénieur en systèmes mécaniques, et Émile de Visscher, ingénieur en science des matériaux, à développer le concept de leur machine Polyfloss à Antananarivo, afin de mettre en place de manière pérenne un atelier d'incubation, d'expérimentation et de formation destiné à la transformation de déchets plastiques, une problématique locale majeure.

En 2019, Audrey Gaulard, designer textile et robotique, et Nick Paget, designer industriel, rejoignent l'aventure Ndao Hanavao.

Procédé innovant de recyclage de plastiques qui s'inspire de la «barbe à papa», The Polyfloss Factory permet d'obtenir une laine flexible qui peut être réutilisée de différentes manières sous la forme d'isolant thermique, d'emballage, d'objets de design, et peut également servir aux créations textiles et artisanales, au moulage, ainsi qu'à la conception d'objets du quotidien et de produits de première nécessité.

De la collecte des déchets plastiques triés par un réseau de collecteuses malgaches sur les déchetteries d'Antananarivo, à la phase de production en atelier, le plastique recyclé est transformé sur place en produits finis : objets à valeur d'usage et produits de première nécessité. Ce même plastique transformé peut aussi être revendu, sous la forme

Ndao Hanavao dia nanasa ireo mpanome endrika sy asa tao-zavatra frantsay avy amin'ny The Polyfloss Factory tamin'ny taona 2018, Christophe Machet, injeniera amin'ny resaka haihetsika, ary Émile de Visscher, injeniera amin'ny siansa mikasika ireo singa fampiasa ho tonga tao-zavatra, mba hampahafantatra ny hevitra fototra namorongan'izy ireo ilay fitaovana Polyfloss tao Antananarivo, hahafahana mametraka amin'ny fomba maharitra atrikasa fanarahana, fanandramana ary fanofanana ho amin'ny fanodinana ireo fako plastika, izay olana goavana ao an-toerana. Ny taona 2019, Audrey Gaulard, mpanome endrika sy asa tao-zavatra vita amin'ny lamba sy amin'ny fanaovana ireo fitaovana mandeha ho azy sy Nick Paget, mpanome endrika sy asa tao-zavatra industrialy dia samy nanjohy ity tantara Ndao hanavao ity.

Fahaiza-manao tsy mbola fahita amin'ny fanodinana ireo plastika maka tahaka ny «barbe à papa», The Polyfloss Factory dia hahafahana mahazo tahaka ny volon'ondry malefaka izay azo ampiasaina indray amin'ny fomba maro isa-karazany ho tonga tahaka ny singa tsy mandany angovo loatra, ny fitaovana famonosana, tao-zavatra manana endrika sy asa, ary azo ampiasaina ihany koa amin'ny famoronana lamba sy asa-tanana, amin'ny fanaovana lasitra, ary amin'ny famoronana ireo zavatra fampiasa andavanandro sy ireo fitaovana tena ilaina.

de panneaux, de laine, de rouleaux de feutre, etc., en tant que matériau de construction ou comme matière première pour un artisanat local.

Le projet Polyfloss Factory naît au sein du Royal College of Art de Londres en 2011. L'équipe, constituée d'Audrey Gaulard (designer textile et robotique), Nick Paget (designer industriel), Christophe Machet (ingénieur en systèmes mécaniques et designer) et Émile De Visscher (ingénieur en science des matériaux et designer), se questionne sur l'écologie et décide d'imaginer un procédé de recyclage de plastique à échelle locale.

Manomboka amin'ny fanangonana ireo fako plastika efa voasivan'ireo vehivavy malagasy ao anaty tambajotra mpanangona eny amin'ny toeram-panaria-pakon'Antananarivo, mandrapahatongan'ny dingan'ny famokarana ao am-piasana, ilay plastika nangonina dia voaodina ao an-toerana ho tonga vokatra azo jifaina : tao-zavatra mifanaraka amin'ny filan'ny fiarahamoina sy ireo fitaovana tena ilaina. Ilo plastika voaodina io ihany koa dia azo averina amidy indray, amina endrika takelaka efa-joro, tahaka ny volon'ondry, horonan-damba, sns., toa ny akora fampiasa amin'ny fanamboarana na tahaka ny akora fanodina ho ar'ny asa-tanana ao an-toerana.

Ny tetikasa Polyfloss Factory dia teraka teo anivon'ny Royal College of Art tao Londres tamin'ny 2011.

Ny ekipa, hahitana an'i Audrey Gaulard (mpanome endrika sy asa tao-zavatra vita amin'ny lamba sy amin'ny fanaovana ireo fitaovana mandeha ho azy), Nick Paget (mpanome endrika sy asa tao-zavatra industrialy), Christophe Machet (injeniera amin'ny resaka haihetsika sady mpanome endrika sy asa tao-zavatra) ary Émile De Visscher (injeniera amin'ny siansa mikasika ireo singa fampiasa ho tonga tao-zavatra sady mpanome endrika sy asa tao-zavatra) dia samy manontany tena momba ny ekolojia ary manapa-kevitra ny hihevitra fomba fanodinana plastika eo amin'ny rafitra ifotony.








Madagascar est l'un des pays les plus riches en matières premières. Pourtant, il semble que ses habitants n'y aient plus accès. Elles sont vendues à l'étranger. À l'inverse, le plastique, lui, rentre sur le territoire et n'en ressort pas. Il s'accumule dans les décharges et sur les étals de magasins. Madagascar est vidée de toute sa richesse et remplie de matières plastiques. Comment changer la donne ? Comment faire de cette matière une nouvelle ressource s'intégrant aux savoir-faire artisanaux et à l'identité malgache plutôt qu'un rebut pauvre et sale qui traîne dans les rivières, les arbres et les poubelles qui débordent de partout ? Voilà l'enjeu du projet Ndao Hanavao. Émile de Visscher, 2019

Madagasikara dia isan'ireo firenena manankarena indrindra raha resaka akora fanodina. Kanefa toa tsy mana-tombony amin'izany intsony ireo mponina ao aminy. Ireo singa fanodina ireo dia amidy any ivelany. Ny mifanohitra amin'izany kosa, ny plastika dia miditra ao an-toerana ary mila tsy ho tafavoaka. Mivagongo eny amin'ireo toerana fanaria-pako sy eny amin'ireo toeram-pivarotana. Foana amin'ny harenany manontolo i Madagasikara ary difotry ny akora vita amin'ny plastika. Amin'ny fomba ahoana ary no hanovàna izany ? Ahoana no atao mba ho tonga fanoitra vaovao ity akora ity amin'ny fampifandraisana azy amin'ny fahaiza-manao amin'ny asa tanana ary ny maha-izy-azy ny Malagasy toy izay lasa zava-dratsy sady maloto no mamenno ireo ony, ireo hazo ary ireo daba-pako izay mitobaka eny rehetra eny ? Izany no antom-pisian'ny tetikasa Ndao Hanavao. Émile de Visscher, 2019



La première chose qui m'a particulièrement marqué est l'accessibilité des réseaux de matières et de savoir-faire. Il suffit d'aller à la décharge et de parler aux gens. Très vite, on comprend comment ces réseaux fonctionnent, comment ils s'organisent, comment les infiltrer et les soutenir sans déstabiliser leur précaire économie. La pauvreté est extrêmement présente, mais elle amène cette intelligence du réemploi, du recyclage. Il en est de même pour les savoir-faire. À Madagascar, les savoir-faire sont là, au coin de la rue, dans des abris de fortune. Il suffit de demander, et on peut trouver un soudeur qui fabrique une pièce, un tourneur de caoutchouc, un tisseur ou un fileur de quartier. Innover et recycler dans ce cadre est, paradoxalement, bien plus simple que dans un cadre occidental. Émile de Visscher, 2019



Ny zavatra voalohany izay nanamarika ahy manokana dia ny fahafahana miditra mora foana ny tambajotran'ireo akora sy ny fahaiza-manao. Mankeny amin'ny toeram-panaria-pako fotsiny sy miresaka amin'ireo olona. Avy hatrany dia fantatra ny fomba fandehan'ireo tambajotra, ny fomba fifandaminan'izy ireo, ny fomba hahafahana miditra tsikelikely sy hahafahana manohana azy ireo mba tsy hanelingelina ny fiharian-karen'izy ireo izay efa marefo. Tena hita soritra mihitsy ny fahantrana, saingy mitondra amin'ny faranitan-tsaina amin'ny fanomezana aina fanindroany, ny fanodinana. Tahaka izany koa ireo fahaiza-manao. Ao Madagasikara, ireo fahaiza-manao dia hita, eny amin'ny kihodàlana, eny amina toera-ponenana tsy manaraka ny fenitra. Mila manontany fotsiny dia afaka mahita mpaningina vy, mpanao asa fingotra, mpanenona na mpanao kofehy eo an-toerana. Mora kokoa noho izany ny manavao sy manodina noho ny any amin'ny tontolo tandrefana. Émile de Visscher, 2019




L'atelier commence à se remplir avec des tables de travail hautes, une cabine contenant la machine pour la production de laine, une zone de broyage et de stockage des déchets, une zone de nettoyage et séchage de la matière et une zone laissée vide pour les opérations de moulage et autres procédés de transformation. Un autre espace est laissé vide pour l'aménagement d'un bureau et d'un espace de restauration. Les jeunes sont d'une aide inestimable et nous pouvons sentir qu'ils deviennent de plus en plus à l'aise avec les outils. Nous leur apprenons à reconnaître les différents types de plastiques afin d'être capables d'identifier le polypropylène utilisé dans le process Polyfloss. La machine prend rapidement forme et les premiers tests permettent de faire sortir quelques filaments de Polyfloss. Un broyeur a été localisé et sera transféré dans l'atelier dans les jours suivant notre départ. Nous avons reçu la visite de notre collecteuse qui est venue nous apporter la première livraison de plastiques trouvés dans les décharges. Avec l'aide des jeunes, les flacons sont nettoyés en un temps record et prêts à être broyés. La machine demande encore un peu d'attention avant de pouvoir être mise en route de manière continue, ce qui sera, en partie, l'objet du prochain voyage. Nous avons d'ores et déjà hâte de donner un échantillon aux artisans et de voir ce qu'ils pourront accomplir avec cette matière. Nous avons hâte, de mettre au point des techniques innovantes tirant parti du savoir-faire des artisans et des qualités thermoplastiques du matériau et des pièces qui mettent en jeu une matière performante et extrêmement capable, malgré le fait qu'elle soit recyclée. Christophe Machet, 2019

*La machine
demande
encore un peu
d'attention...
ce qui sera,
en partie, l'objet
du prochain
voyage.*

*Mbola misy
fanaraha-maso
kely mila atao
mialohan'ny
hampiasana ilay
fitaovana tsy miato,
izay anton'ny dia
manaraka.*

Manomboka mihofeno ny toeram-piasana amin'ny latabatra fiasana avo, ny efitra iray hahitana ilay fitaovana famokarana ilay singa tahaka ny volon'ondry, ny toerana fitotoana sy fitehirizana ireo fako, ny toerana fanadiovana sy fanamainana ilay akora ary toerana malalaka hahafahana manao lasitra ary ireo fomba fampiasa hafa entina manodina. Misy toerana malalaka iray hafa koa nametrahana ireo biraô sy toerana azo hisakafoanana. Tsy azo atao tsinontsinona ny fanampian'ireto tanora ary tsapanay fa mihazatra tsikelikely an'ireo fitaovana. Izahay dia mampianatra azy ireo mba hahafantatra ireo karazana plastika mba hahafahany mamantatra ny «polypropylène» ampiasaina amin'ny dingana Polyfloss. Maka endrika ilay fitaovana ary ireo andrana voalohany dia nahazoana tahaka ny kofehy «Polyfloss» vitsivitsy. Nahita fitaovana fanamontsanana izay entina hafindra ao amin'ny toeram-piasana andro vitsy taorian'ny nandehananay. Tonga nitsidika anay ilay ramatoa mpanangona nitondra ireo plastika voalohany izay notsiponiny teny amin'ireo toeram-pitombia-pako. Noho ny fanampian'ireo tanora dia voadio haingana ireo tavoahangy kely izay hopotehina. Mbola misy fanaraha-maso kely mila atao mialohan'ny hampiasana ilay fitaovana tsy miato, izay anton'ny dia manaraka. Efa tsy andrinay sahady ny hanome ny ampaham-bokatra ho an'ireo mpanao asa tanana sy ny hijery izay azon'izy ireo tanterahana amin'ity vokatra ity. Tsy andrinay ny hametraka mazava ireo fomba ara-teknika vaovao amin'ny fampiasana ny fahaiza-manaon' ireo mpanao asa tanana sy ireo kalitao azo volavolaina rehefa azon'ny hafanana ity akora ity ary koa ireo potony izay hahazoana maneho fa matanjaka sy tena mahavita azy ity akora ity na dia efa voaodina aza.





Christophe Machet m'a parlé des personnes qu'il avait rencontrées : artistes, artisans, designers, et entrepreneurs locaux qui œuvraient à la recherche de solutions de gestion de ces déchets. J'étais enthousiaste à l'idée de faire leur connaissance, ainsi que celle, bien entendu, de l'équipe de jeunes designers et de leurs partenaires de Ndao Hanavao qui avaient travaillé avec la machine The Polyfloss Factory, explorant comment utiliser la technologie pour transformer des déchets plastiques en objets utiles. Le moment que j'ai préféré lors de mon arrivée à Tana est lorsque j'ai pénétré dans les locaux de Ndao Hanavao. Nous avons quitté la rue principale pour un chemin de terre rouge, avec la voiture. Nous avons franchi une grande porte ouverte par un garde et nous sommes approchés d'un entrepôt situé au milieu d'un site désert. Nous avons remonté un immense rideau en acier pour pénétrer dans une grande pièce qui était vide à l'exception d'une douzaine de personnes vêtues de combinaisons de protection en Tyvek et de masques, la tête et le visage couverts. Tous évoluaient à des postes bien organisés, transportant des matériaux d'une table à l'autre, certains faisant du nettoyage, d'autres du tri. Au fond se trouvait une petite pièce dans laquelle deux hommes équipés de lunettes de protection, de gants et de respirateurs étaient penchés sur une machine noire. Je me suis dit : « c'est une scène de Breaking Bad ! ». Mais il s'agissait bien sûr de mes collègues de Ndao Hanavao ! La partie la plus enthousiasmante du travail avec les équipes et avec la machine Polyfloss, c'est d'observer la survue de résultats inattendus. La Polyfloss est un outil qui produit de la « barbe à papa » à partir de déchets plastiques, mais ce qui est fait de ce matériau est décidé par l'utilisateur, et défini par le contexte dans lequel il s'inscrit. La jeune équipe de designers avait créé des échantillons et exemples de produits potentiels qui intégraient les techniques artisanales traditionnelles, et avaient dialogué avec les entreprises et clients locaux pour comprendre leurs besoins. Les résultats qui ont été présentés étaient complètement inédits et surprenants pour moi, comme la confection de paniers ou la pigmentation au moyen d'épices.

J'ai passé les deux semaines suivantes à pratiquer mon français, à en apprendre davantage sur la culture malgache et à collaborer avec cette équipe et ses mentors. Bien que la période que j'ai passée là-bas ait été courte, ces designers engagés ont pu davantage maîtriser l'approvisionnement en déchets plastiques et leur traitement, la création de nouveaux objets et l'information de clients potentiels. Ces évolutions représentent un progrès dans le contrôle des déchets à Antananarivo, et auront également une influence sur le développement en cours de The Polyfloss Factory partout où elle opère. Je reviens bientôt à Tana, et j'ai hâte de découvrir de nouvelles surprises qui m'attendent !

Nick Paget, 2020

Christophe Machet dia niresaka tamiko mikasika ireo olona izay tafahoana taminy: mpanakanto, mpanao asa tanana, mpanome endrika sy asa tao-zavatra, ireo mpandrahahara ifotony izay miasa amin'ny fikatsahana vahaolana amin'ny fitantanana ireo fako. Tena nisy fietanam-po aho te hifankahalala amin'izy ireo, fa ihany koa mazava ho azy, amin'ny ekipan'ireo tanora mpanome endrika sy asa tao-zavatra ary ireo mpira-miombon'antoka amin'ny Ndao Hanavao izay efa nampiasa ilay milina The Polyfloss Factory izay mitady ny fomba hampiasana ny teknolojia hanodinana ireo fako plastika mba ho tonga tao-zavatra azo ampiasaina. Ny fotoana tena nankafiziko tamin'ny nahatongavako tao Antananarivo dia ny fitsidihana ny seha-pikarohana Ndao Hanavao. Niala ny lanana lehibe izahay dia namakivaly lalan-tany mena tamin'ny fiarakodia. Nandigana varavarana lehibe izay nosokafana mpiambina ary nanantonana toerana fitehirizana mitoby afovoana tany ejitra. Nanivatsiva lamba-baravarana goavano vita amin'ny vy malohan'ny hitsofoka amina ejitra lehibe izay tsy nahitana afa- tsy olona miisa folo roa amby manao akanjo fiarovana Tyvek sy aro-tava miaro ny loha sy ny tarehy. Izy rehetra dia samy manana ny anjara asa araka ny fandamiana, mitatitra ireo singa miainga avy amin'ny latabatra iray makany amin'ny latabatra iray hafa, ny sasany manadio, ny hafa manao fitsinjarana. Ery aoriana ao amir'ilay toerana dia misy ejitra kely ahitana olona miisa roa manao solomaso fiarovana, aro-tanana ary fitaovana entina miaina mifantoka amina milina mainly. Niteny irey aho nanao hoe: "Breaking Bad izany hitako izany!". Saingy mazava ho azy fa ireo mpira-miasa amiko ao amin'ny Ndao Hanavao ireo. Ny fotoana tena nampihetsi-po tamin'ny asa izay niarohana tamin'ireo ekipa sy ilay milina polyfloss dia ny fitazanana ny fahatongavan'ireo vokatra tsy nampoizina. Ny polyfloss dia fitaovana izay mamokatra "barbe à papa" miainga avy amin'ireo fako plastika, fa izay hanaovana ity akora ity dia efa tapakin'ny mpampiasa azy ary voafaritry ny fitambarana tranga izay hahitana azy. Ny ekipan'ireo tanora mpanome asa sy endrika tao-zavatra dia namorona santionana sy ohatra vokatra izay azo ampiasana tsara ireo fomba hanaovana asa tanana nentimpaharazana, nifampiresaka ihany koa izy ireo tamin'ireo orinasa sy mpanjifa tao antoerana hahafantarana izay mety ho filany. Ireo vokatra izay naroso dia tena mbola tsy fahita ary tena nahavariana ahy tahaka ny nanamboarana ireo harona na ny fomba nentina nandokoana azy tamin'ny alalan'ireo hanitra fampiasa amin'ny sakafy. Ny herinandro roa manaraka kosa dia nampiharako ny teny frantsay, nianarako misimisy hatrany ny kolontsaina malagasy ary niarahako miasa tamin'ny ekipa sy ireo mpanazatra. Na dia fohy aza ny fotoana izay nandalovako, ireo mpanome endrika sy asa tao-zavatra resy lahatra ireo dia nahafshy bebe kokoa ny fanangonana ireo fako plastika

sy ny fikarakarana azy, ny famoronana ireo tao-zavatra vaovao sy fampahafantarana ireo mpanjifa fototra. Ireo fivoarana ireo dia maneho ny fandrosoana amin'ny fanaraha-maso ireo fako ao Antananarivo, ireo fivoarana ireo ihany koa dia hanana fiantraitany amin'ny fampandrosoana ny The Polyfloss Factory n'aiza n'aiza hidirany antsehatra. Hiverina tsy ho ela ao Antananarivo aho, tsy andriko ny hahita indray ireo zava-baovao miandry ahy!

Nick Paget, 2020

« Réfléchissez à toutes les personnes qui ont fait une véritable différence dans votre vie ou dans l'histoire de l'humanité. Celles qui vous inspirent, que vous admirez, qu'elles soient artistes, ingénieurs, médecins, chercheurs... Celles qui ont déclenché de véritables transformations culturelles, sociales, politiques. La majorité d'entre elles a trouvé un espace pour exprimer leurs « dons » au service d'un projet qui a du sens. [...]

Elles étaient (ou sont toujours) animées par un feu dévorant. »³

C'est en juin 2018, lorsque Rubis Mécénat nous a offert l'opportunité d'ouvrir notre projet dans un nouvel horizon, que notre ambition pour Polyfloss s'est déployée. Notre invention a maintenant pris tout son sens : un outil de collaboration et de développement pour un bien écologique et social. Lorsque j'ai enfin pu faire le voyage à Tana, rencontrer les nouveaux membres du projet, voir l'atelier et la ville, l'imaginaire s'est matérialisé. Le mélange des émotions était intense, de la rencontre des jeunes entrepreneurs et leur extraordinaire volonté d'apprendre et d'innover jusqu'à l'équipe bienveillante des professionnels qui encadrent le projet, Carine, Camille, Vincent, Mash, Rijasolo et bien sûr M. Andry. Ndao Hanavao est un exemple de collaboration et de design pour l'innovation.

Dans une ambiance de bienveillance et de partage de savoir-faire, tous les membres du projet travaillent ensemble pour devenir acteurs de changements sociaux, climatiques et créatifs. Je me suis sentie submergée par de grandes vagues d'émotions, de sentiments de fierté et d'espoir en voyant les jeunes entrepreneurs progresser, apprendre, échanger leur savoir-faire avec nous et simplement grandir. L'apprentissage se fait à tous les niveaux dans le projet, des professionnels aux jeunes, des jeunes avec nous ou l'inverse, ce qui rend l'expérience d'autant plus enrichissante. Voir notre projet se développer avec Ndao Hanavao est une réponse extraordinaire à une ambition de vie passionnée.

Audrey Gaulard, 2020

« Tsarovy ireo olona rehetra izay tena nitondra fiovana marina teo amin'ny fiaianao na teo amin'ny tantaran'izao tontolo izao. Ireo izay manintona anao, mahafinaritra anao, na mpanakanto izy, na injeniera, na mpitsabo, na mpikaroka...Ireo izay nitarika fiovana marina ara-kolontsaina, sosialy, politika. Ny ankamaroan'izy ireny dia nahita sehatra hanehoana ireo « fanomezam-pahasoavana » amin'ny alalan'ny tetikasa manana ny antom-pisiany. [...] Izy ireny dia nentanina na mbola entanin'ny hafanam-po. »³

